

**ANTSO FIARAHAMONINA KRISTIANA (AFK)**

# Mila averina jerena ifotony ny fampianarana sy fanabeazana eto

**M**iaka amin'ny fampianarana sy ny fanabeazana ny mahatsara sy maha-soa ny firenena. Raha atao ankilabao sy an-tsirambina ny seha-panabeazana sy fampianarana sy ireo mpisehatra fototra toy ny mpampinatra sy ny mpampinatra, dia hikorosy fahana ny fainam-pirenenena sy firenena amin'ny ankabobeny mihitsy. Iraha-mahalala, fa ny seha-pampianarana eto amin'ny firenena dia maro olana tokoa, ary miseho lany hatrany izany mandraka ankehitriny. Saika ny ambaratonga rehetra no ahitana izany, na amin'ny fampianarana ankabobeny na teknika, na eny amin'ny ambaratonga ambony izay tena mive-rimberina ny olana, ary mitatao mihitsy aza amin'izao fotoana izao ny taona fotsy. Mazava loatra fa misy fiantraikany



Nopotehan-dry Rajoelina ny fampianarana sy ny fanabeazana eto.

amin'ny fari-pahalalan'ny mpianatra izany na tiana na tsy tiana. Izy ireo izay ambara mandrakariva ho hoavin'ny firenena. Azo hevitreverina amin'izany ny zava-hisheho eto amin'ny firenena raha izao tranga izao no mitohy. Tsy any amin'ny sekoly toy izany ihany anefaisan'izany olana izany, fa na any amin'ny seha-

pampianarana hafa ihany koa aza dia ahatarafana izany. Anisan'izany raha ny nambaran'ny mpamakafaka ny eny anivor'ireo sekoly manofana miaramila na polisy na indrindra zandary manoloana ny zava-misy amin'izao fotoana izao. Misy lesoka any amin'ny seha-piofana matoa izao no zavatra ataon'izy ireo, hoy ny

mpamakafaka, satria hita mibiroka na miela tante-raka amin'ny lalana tokony hizorany izy ireo, dia ny fiarovana ny vahoaka sy ny fananany, ary ny tanindrazana. Ny tanindrazana kanefa ity tadiavina homena ambongadiny amin'ny mpitondra frantsay manao politika maloto eto, izay te higoka hatrany ny harem-be sy tombontsoa azony hatramin'izay. Toa tsy mivaky loha amin'izany hahave-rezan'ny tanindrazany izany izy ireo.

Tsy maintsy avotana ny fi-renena, fa tsy avela ho potika sy horobain'ny vahiny. Mila mijoro ny tena kristiana mandàla ny fahamarinana sy manohitra ny tsy rariny sy tsy hitsiny ary ny fahalovana eto amin'ity firenena ity. Mila fiarahamonina vaovao i Madagasikara. Fifandraina: 034 17 460 53.

Aris

FMF 2023 – 2027

## Tontosa tamin'ny alakamisy ny famindram-pitantanana

Vita ny famindram-pitantanana, tsy teny amin'ny foibe toeran'ny FMF eny Isoraka no natao ny lanonana, fa fanambarana tamin'ny fomba ofisialy nataon'ny Vao-mieram-pirenenena misahana ny Fifidianana FMF sy ny Vaomieran'ny Fampandrenesana an'io rafitra io ny vokatry ny fididianana mpiakambana vaovao ao amin'ny FMF « Federation Malagasy de Football » notanterehina teny amin'ny Novotel Ivandry tamin'ny sabotsy 14 oktobra 2023 lasa teo sy ny famindram-pahefanaavy amin'ny filoham-pitantanana vonjimaika nandritra ny fotoana voafetra, Andrianony Victorien sy ny filoha vao-vao Randriamanampisoa Alfred, fa teny amin'ny trano fivorian'ny kianjan'i Mahamasina. Nanomboka tamin'io andro io izany (alarobia 18 oktobra) ary haharitra efa-taona ny fotoano-piasan'ity mpitantanana vaovaon'ny FMF ity. Marihana fa tamin'ny alahady 15 oktobra teo dia efa nihaona tamin'ireo solonten'an'ny FIFA ny filoha vaovaon'ny FMF, ka nanamafisan'ity rafitra ity ny am-pahany amin'ny tetikasa hatao eto Madagasikara ham-pandrosoana ny baolina kitra, ka anisan'izany ny fanomezana fiara fitateram-bahoaka ho an'ny Barea, ny fanarenana sy fanitarana ny fijoroan'ny kianja Carrion sy ny kianja Rabemananjara ao Mahajanga, ary



Teny amin'ny efitrano fivorian'ny kianjan'i Mahamasina.

ny fametrahana jiro ao. Fantatra tamin'io andro alakamisy io ihany koa, fa mbola hijanona ho mpanazatra ny Barea ny Coach Rôrô mandritra ny fanatanterahana ny fifanintsananana « Can Maroc 2025 », araka ny nambaran'ny filohan'ny FMF.

Rainilita

Federation Malagasy de VolleyBall

## Nitsidika ny tany Sava

Nitsidika ny tany Sava ny avy ao amin'ny FMVB « Federation Malagasy de VolleyBall », ka nanatanteraka fihaonana tamin'ireo mpankafy Volleyball sy ireo tompon'andraikitra maromaro any amin'ny Faritra Sava, tany an-toerana ny Sekretera jeneraly Raharinjoelina



Tany Sambava Centre.

Fetison Hajatiana, niaraka tamin'ny DRJS, Tilahisanga Jean Orelie sy ny lehiben' ny sampandrahaham-paritra amin'ny fampandrosoana ny fanantanjahantena Faritra Sava, Rabearisoa Louis. Ny famerenana indray ny lanjan'ny volleyball Malagasy, izay asa goavana fambin'ny FMVB tarihan'ny filohany, Raharimalala Léa, ankehitriny, no tena tanjona nokendrena tamin'ny fihaonana, ka tao amin'ny biraon'ny talem-parity ny Tanora sy ny Fanantanjahantena Sambava Centre, no natao ny fihaonana tamin'ny zoma 12 oktobra teo. No-resahana nandritra an'ity fihaonana ity ny amin'ny tokony hidiran' ireo klioba samihafa eo amin'ny sehatry ny ara-dalàna, ka hakan'izy ireo "certificat de conformité", eo ihany koa ny famporisihina ny fampivondronan'ireo klioba ho lasa Ligy, mba hahafahan'ny Federasiona manampy azy ireo ary indrindra ny fihaonana ny hetahetan'ireo mpitia ny volleyball. Hitohy any amin'ny Faritra maro ny asa fanentanana hataon'ny Federasiona Malagasy ny Volleyball, mba hanarenana ny taranga Volleyball Malagasy.

Rainilita

## Taratasin'ny mpamaky

Fampahafantarana alefa amin'ny rehetra izao taratasy manaraka izao. Ny FIARA 4x4 MERCEDES BLINDÉE 6677 TAC an'ny filoha Marc Ravalomanana.

Efa tany amin'ny taona 2000 tany no nividianan'ny Fianakaviana Ravalomanana ity fiara 4x4 Mercedes blindée ity, ary roa mitovy amin'io no ananany. Ny isa 77 amin'ny laharan'ny fiara dia manamarika ny taona 1977 nampiroborobo ny orinasa TIKO, sy nazoany fiara voalohany (77 ihany koa ny fiafaran'ny laharan' ilay fierany voalohany). Tamin'ny taona 2002 dia efa ity fiara ity no nitondra ny Filoha Ravalomanana teny amin'ny kianjan'ny 13 mai sy nampiasainy. Mbola ity fiara ity ihany koa no nitondra azy sy ny ankohonany nandritra ny fampielezan-kevitra 2006. Nandritra ny fanonganam-panjakana 2009 dia nisy naka ny fiara mercedes roa an'ny fianakaviana Ravalomanana ary tamin'ny taona 2017 vao fantatra, fa i Alain Ramoroson no naka sy nitazona ireo fiara mercedes roa ireo. Rehefa voaheloka higadra i Alain RAMAROSON dia ny vadin'ity farany no tonga teny Faravohitra niresaka tamin'ny Filoha Ravalomanana, nilaza fa haverinny ny fiara roa raha manome vola mitentina "400 millions fmgy" azy ny Filoha RAVALOMANANA, saingy tsy nanaiky ny Filoha Ravalomanana, fa avy hatrany dia nanao ny "procédure" rehetra ary nandefatadintany teny Andoharanofotsy naka ny fananany, ka niverina taminy ireo fiara roa ny volana january 2017. Simba moa ireo fiara roa ireo ka nalefa avy hatrany tany Allemagne namboarina. Ankehitriny dia mbola ampiasainy Filoha Ravalomanana Marc ity fiara ity ary tsy foiny, mbola matanjaka tsara rahateo ilay fiara na dia efa aman-taonany maro aza.

Malagasy tsara

Championnats Nationaux de basket N1A, 2023

## Ho tontosaina anio sabotsy ny fanokafana ofisialy

Anio sabotsy 21 oktobra 2023, no hotontosaina etsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina, ny fanokafana ofisialin'ny fifaninanana basikety « Championnats Nationaux N1A, 2023 » raha efa tamin'ny alakamisy 19 oktobra lasa teo, no nanombohan'ny andro voalohany. Marihana fa ny fifaninanana na ny « TOP 8 Hommes et 2e et Phase finale Dames » no tanterehina amin'izany, ka arak'izany dia miisa 8 ireo ao amin'ny sokajy lehilahy ary 10 ireo ao amin'ny sokajy vehivavy. Voka-dalao sokajy lehilahy andro voalohany : Ascut Atsinanana 37 - 50 As Fanalamanga Alaotra Mangoro, GnbC Analamanga 83 - 52 Bcb Boeny, Tgbc Betsiboka 69 - 67 Bbc Vakinankaratra, Cospn Analamanga 93 - 50 Mbc Atsinanana. Ny andro faharoan'ny fifaninanana no notontosaina omaly zoma 20 oktobra 2023 ka ny sokajy vehivavy no efa nahazoana vokatra : Ascut Atsinanana 63 - 55 Ankaratra Vakinankaratra, Tgbc Boeny 60 - 74 Mb2All Analamanga, GnbC Analamanga 89 - 25 Serasera Vakinankaratra, Fandrasa Matsiatra Ambony 71 - 81 Tamifa Amoron'i Mania. Anio sabotsy 21 oktobra 2023, izay hanatanterahana lalao miisa 9 be izao (sokajy lehilahy 4 ary sokajy vehivavy 5), no hanatanterahana ny lanonana fanokafana ofisialy an'ity hetsika ity (amin'ny 4ora latsaka fahefany tolakandro). Rahampitso alahady 22 oktobra indray dia hiverina amin'ny lalao miisa 8 no hotanterehina etsy Mahamasina (lalao 4 lehilahy ary 4 vehivavy).

Rainilita



Championnats Nationaux de basket N1A, 2023.